

TATITRA VOKATRY NY FIHAONAN'NY VOATOKANA ETO AMIN'NY DIOSEZY

NY 2 KA HATRAMIN'NY 4 JONA 2017

Tafavory teto Antsiranana izahay Voatokana rehetra eto amin'ny Diosezy ny zoma faha-2 ka hatramin'ny alahady faha-4 jona 2017. Marihana fa efa fanin-telony izao no namorian'ny Arsevekantsika ny Relijiozy rehetra ka mifandimby isan-taona ny toerana anaovana ny fihaonana. 140 ny isan'ireo namaly ny antso avy amin'ny Fikambanana 21 misy ato amin'ny Diosezy. Ny loha-hevitra nanentana anay tamin'izany dia ny hoe : « Jesoa mpiara-belona, miara-dalana amintsika voatokana hatrika ny fanamby miandry amin'ny fikolokoloana sy fiahiana ny Tranobe lombonana ». Tamin'ny fomba roa miavaka sady mifameno tsara no nentina nandalinana ny lohahevitra :

- 1- Fanentanana sy hafatrafatra avy amin'i Arseveka.
- 2- Tatitra avy amin'ny "secteurs" roa izay narahin'ny asam-baomiera arakaraka ny sehatra iasana.

Azo fintinina toy izao ny fanentanana avy amin'ny Ray aman-dReny Mgr. Marc Benjamin RAMAROSON: Olombelona miaraka amintsika i Kristy (Christ Contemporain). Noho ny asan'ny Fanahy Masina sy noho ny fanokanan-tena nataony dia tonga vavolombelona ny Voatokana. Tonga Kristy mpiara-belona amin'ny olona izy ireo amin'izany. Ny tanjona dia ny hahatonga ny olon-drehetra ho Kristy ihany koa. Amin'ny ankapobeny dia niainga tamin'ny Evanjely ny fanazavana (**Jn 21, 15-21** sy **Lk 4, 18**). Tamin'ny misterin'ny Fahatongavana ho nofo no nanatanterahan'Andriamanitra ny famonjena antsika; arak'izany ny mpanara-dia an'i Kristy sy ny vita batemy dia tokony hanana fanetren-tena.

Nodinihina tamin'ny asam-baomiera kosa ny fitadiavana fomba mahomby sy azo tanterahina hamaliana ny antson'i Papa ao amin'ny taratasiny (Laudato Si) mba hikolokoloana sy hiarovana ny Tranobe lombonana, dia ny tontolo iainantsika. Miha-simba tokoa mantsy ny tontolo iainana vokatry ny ataontsika olombelona: ripaka ny ala, mihena ny rotsak'orana, miakatra izay tsy izy ny hafanana, miha-ripaka ny zava-boary. Toy izao ary raha fintinina ny asa ho tanterahina any amin'ireo sehatra samy hafa ikatrohana mba ho fiaraovana ny Tranobe lombonana:

- 1) Eo amin'ny sehatry ny fampianarana:
 - Ezahana ho tonga *Sekoly Maitso (Ecole Verte)* ny sekoly Katolika rehetra ato amin'ny Diosezy, fikojakojana ny tontolo manodidina ny sekoly, asiana fanariam-pako (poubelles) ka avahana ny fako mety lò sy ny tsy mety lò.
- 2) Avy amin'ny sehatry ny fahasalamana:
 - Fitandrovana ny *fahadiovana*; fametrahana fanariam-pako (poubelles) ary avahana ihany koa ny karazam-pako. Fikarakarana ny marary amin'ny maha-misioneran'ny fanompoana ny Voatokana.
- 3) Avy amin'ireo Pretra:
 - Fibebahana* amin'ny fifandraisana amin'ny tontolo iainana. Fananganana *commission pastorale* ho an'ny tontolo iainana. Hatao ezaka amin'ny fomba maro samihafa ny *fanentanana* sy ny *fanofanana*.

Noho izany dia hiezahana manomboka izao manerana ny Diosezy ary anentanana antsika vita batemy sy ny olon-drehetra. Andao ary isika *olo araiky* hiara-mientana hanova toe-tsaina ka hiaro ny tontolontsika, Tranobe lombonana mba hisian'ny ho avy mamiratra ho an'ny taranaka mifandimby.

Natao teto Antsiranana anio faha-4 jona 2017

Union des Consacrés dans le Diocèse d'Antsiranana (UCDA)

Ny Filoha

Ny Mpitan-tsoratra

Sr SOANIRINA Hortense

Fr RANRIANANTENAINA Thomas sy

Sr. Victoire Noeline